**A Ny tena Fitoerana Masina.**

- ❖ Rehefa nandinika ny Baiboly, ireo Advantista taorian'ny fahadisoam-panantenana tamin'ny taona 1844 dia nahita fa misy fitoerana masina roa: fitoerana masina eto an-tany, tandindona sy alok'ilay tena izy (Heb. 8:5), fitoerana masina any an-danitra, izay naorin'Andriamanitra (Heb. 8:2).
- ❖ Ny fitoerana masina voalohany sy ny tempoly izay taoriany hatramin'ny taona 70 AD. dia naorina araka ny modely nasehon'Andriamanitra tamin'i Mosesy (Eks. 25:40). Tamin'izany ny tena Zanak'ondry sy Mpisoronabe dia maneho an'i Jesosy (Jaona. 1:36; Heb. 4:14).

**B Ny fanadiovana.**

- ❖ Na dia voavela heloka aza ny Israelita tamin'ny fitondrany fanatitra, dia "nafindra" tao amin'ny fitoerana masina ny fahotany. Noho izany, dia nilaina ny fanadiovana azy. Amin'ny andro fanavotana izany no tanterahina, izay fantatra ankehitriny eo amin'ny Hebreo ho andro fitsarana.
- ❖ Raha misy olona tsy mety miory amin'izany andro izany, tsy mibebaka amin'ny fahotany, dia "hofongorana" izy (Lev. 23:29–30). Voaisy tombo-kase amin'io andro io ny anjarany. Toy izany koa, rehefa vita ny fanadiovana ny fitoerana masina any an-danitra, dia ho voaisy tombo-kase ny anjarantsika. Koa, ankehitriny no andro fioriantsika: andro fanapahan-kevitra (Heb. 3:14-15).

**D Ny Fitsarana.**

- ❖ Araka ny faminaniana, dia nanomboka tamin'ny 1844 ny fanadiovana ny Fitoerana Masina any an-danitra – izany hoe ny Andro Fitsarana. Nanomboka hatreo, ny Fiangonana Advantista dia manambara amin'ny feo mafy fa tonga ny andro fitsarana, ary manasa ny olona rehetra hiankohoka amin'Andriamanitra, sy hiaina araka ny didiny (Apok. 14:7).
- ❖ Koa tsy hisy fitsarana ve rehefa tonga eto an-tany i Jesosy (1Tant. 16:33; 2Tim. 4:1)?
- ❖ Rehefa tonga i Jesosy, dia hampihatra ny didim-pitsarana efa vita Izy, satria ho avy miaraka amin'ny "famaliana" Izy mba hamaliany "ny olona rehetra araka ny asany" (Apok. 22:12). Haniraka ny anjeliny Izy hanangona ny olom-boafidy (Mat. 24:31); sy hanangana amin'ny maty izay mino Azy (1Tes. 4:16). Mariho fa tsy hitsangana amin'ny maty ireo maty tsy mpino rehefa tonga i Jesosy, ka noho izany dia tsy hotsaraina amin'izay fotoana izay izy ireo (Apok. 20:4-5).

**E Famindrampo sy ny rariny.**

- ❖ Ny didy 10 izay ao anatin'ny fiaran'ny fanekena no maneho ny fenitry ny fitsarana, dia ny fahamarinan'Andriamanitra (Mpitt. 12:13-14). Ny rako-panavotana izay eo anelanelan'ny lalàna sy ny fanatrehan'Andriamanitra no maneho ny famindrampon'Andriamanitra (1 Jao. 2:1-2).
- ❖ Manomboka amin'ny fanekena ny fanatitra ataon'i Jesosy ny lalana mankeo amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra (Nafafy teo amin'ny alitaran'ny fanatitra odorana ny rany)
- ❖ Mitohy amin'ny fiainana mifandray amin'i Kristy (ny rany nafafy teo amin'ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra)
- ❖ Ary mifarana rehefa miseho eo anolon'ny Mpitsara ny momba antsika (ny rany teo amin'ny efitra lamba, teo anoloan'ny fiara)
- ❖ Ny rariny dia mitaky fanarahana ny Lalàna. Ny famindram-po dia manaiky ny fiainan'i Jesosy tonga lafatra ho solon'ny fiainantsika (1 Pet. 1:18-19; 1 Jaona 4:17).

**F Ilay Mpisolovava sy Mpanelanelana.**

- ❖ Mandritra ny adrom-piainantsika ary indrindra indrindra, amin'ny fotoanan'ny fitsarana, dia i Jesosy no Mpisolovava antsika (1 Jao. 2:1).
- ❖ Ny asan'i Jesosy ao amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra dia mampianatra antsika:
  - — Fahatakarana mazava ny drafi-panavotana
  - — Ny fitakian'ny Lalàn'Andriamanitra

- — Ny sandan'ny famonjena tsy hay tombanana
- — Ny lalana izay sokafan'i Jesosy hahatongavana any amin'ny Ray
- — Ny fahazoana antoka fa afaka manatona an'Andriamanitra amim-pahatokiana

❖ Tsy ho ela dia hifarana ny Fitsarana ary "hiseho fanindroany, tsy amin'ota, amin'izay miandry Azy, ho famonjena" i Jesosy" (Heb. 9:28)